

Troisième salon de Madagascar

Auteur(s) : Rabearivelo, Jean-Joseph

Les folios

En passant la souris sur une vignette, le titre de l'image apparaît.

3 Fichier(s)

Citer cette page

Rabearivelo, Jean-Joseph, Troisième salon de Madagascar, 1933-01

Claire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)

Consulté le 03/02/2026 sur la plate-forme EMAN :

<https://eman-archives.org/francophone/items/show/2031>

Copier

Description & analyse

Analyse Rabearivelo, naturellement, se fait l'écho de toutes les manifestations artistiques de Tananarive et ses environs. Si peu nombreuses qu'elles fussent, il les suit d'autant plus près afin, justement, d'apporter les critiques nécessaires à une véritable "vie intellectuelle". Il s'attache donc à publier ses critiques, toujours constructives au point d'être professoral, jouant là son rôle de chef d'école et d'intellectuel Hova.

Auteur de l'analyse Jar Luce, Xavier (23-07-2015)

Éditeur(s) de la fiche Resztak, Karolina

Révision Jar Luce, Xavier (23-07-2015)

Informations générales

Langue Malgache

Cote

- NUM PRO REV FB 3e salon
- RV.FB33

Nature du document Revue *Ny Fandrosoam-baovao* (revue littéraire, d'arts et d'informations), de janvier 1933, numéro spécial.

Collation1 (f.) ; 280 x 388 (mm)
État général du documentBon
Localisation du documentFonds Rabearivelo,
Institut Français,
14 avenue de l'Indépendance,
101 Antananarivo
Madagascar

Présentation

Date [1933-01](#)

Genre Presse (Article rédigé par l'auteur)

Mentions légales Consultable sur internet. Copie et impression interdites.

Consultation possible de l'original à l'Institut Français d'Antananarivo.

Contact : brakotomanga@gmail.com

Éditeur de la fiche Claire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)

Nombre de pages 1 (f.) ; 280 x 388 (mm)

Notice créée par [Richard Walter](#) Notice créée le 16/12/2014 Dernière modification le 16/09/2025

Troisième Salon de Madagascar



MONSIEUR LE GOUVERNEUR GÉNÉRAL GAYLA

Commandeur de la Légion d'Honneur

izay namorona ny Salon de Madagascar
arv hotsarovana lalandava eo amin' ny

Isan' ny tombondahin' ny zanak' Antaninarivo lehibe indrindra ny fazoanv mijerv na miaino, alohan' nv olona rehetra eto amin' nv Nosy, nv zavabaovao tsv anononana mitranga eto saiky isan' andro vaky. Mbola misy tombontsoanv irav misongadina lavitra noho izany aza dia itv : nv sasanv amin' irenv zava baovao irenv dia *azy samy irery*, satria izv ihanv no mahita na mandre azv fa tsy averina na havaozina any amin' nv toeran-kafa intsony izany rehefa vita eto.

Irav amin' irenv itv fampisehoana isan-taona mitondra anarana hoe *Salon de Madagascar* itv.

Fanitelon' nv nikarakaran' nv Fanjakana azv teto amin' nv renivohitra tamin' ito, satria tamin' nv taona 1931 no nitokanana ny voalohany tao Ambohidahy, izav re laza hatra nv an-dafin' nv ranomasina, arv isan' nv nisintona nv fon' nv tany indrin dra hibajina an'i Madagascar - zandrinv ara-taona, nefo mba efa misy mahavita zavatra soa ihanv.

Nampirisika fatratra ny tanora teto koa inv fampisehoana voalohany inv. Hitany niaraka tamin' izav fa « terak' omby fahavaratra » nv fahaizana, ka « sadv lalao no harena ». Koa tamin' ny taona 1932 (mbola tao Ambohidahy ihanv indrav koa) dia hita nitombo mihitsy na ny isan' nv mpampiseho na nv hasoan' nv natranga.

Mbola tadinav eto, arv inoanav fa tsv ho hainav hadinoina mihitsy nv hagaganav sv ny hafalianav nahaitsa nv fitantarana lavalava irav nataonay momba azv tao amin' nv *Cahiers du Sud (Marseille)* nifandrombahangazetv maro hafa hatrany Amerika Profo irav azo tsapaina

ka saika tratra afara ihang izy teo am-pihaviana.

Rasolomanitra kosa dia nihoa-tena mihitsy tamin' ito. Toa hita andro aman' alina ny fandrosoany miditra ao anatin' ny fon' ny zavaboahary, ary toa haing aseho hatramin' ng fitepotepon' ng hazo adoladol'an' ny rivotra na ilen-tehan'ng hazavana farany efa kinendan'ny aizina.

Tsy dia lavitra azy loatra -- tsy manara-dia azy anefa, fa miezaka ho azy kosa -- io Andriamampianina sy ny karazan-tsariny samihafa : solika, vovoka, rano. (Raha tsy nihonaka teo am-pikarakarana azy farany aza ny fotaka novolavolainy, dia ho niseho tamin' ito koa ny sari-tanimanga voalohang indrindra vita sary ara-tarehy sy ara-bika).

Dia ireo koa Rasamisazanany sy Andrimampita - anara-baovao ihang eto amin' ny Salon, nefo kosa efa nankafizin'ng maro hatramin' ilag fampisehoana manokana nataony teng Faravohitra tatsy ho atsy.

Io koa Louis Rajohnson, fanampo tanteraka.

Ity koa — iniana lazaina farany, « atao fara-vava » noho izy zokiny amin' ny tanora no sady efa niofana tany am-pitan-drano — Razanà-Maniraka.


Ireo sy zatovo vitsivitsy namany no tena voninahitra sy hery ary tohan' ny tonon-taona tamin' ito.

Na atao indray mandinika na jerenia tsirairay ny asan' ireo, dia hita miharihary fa samy efa nandao ny « fomba tranainy » izy rehtra, ary tsy misy mandany andro « manisa ny ravin' ny hazo na ny voam-pasika » hatao amin' ny sariny intseny.....

Tena zanaky ny androny izy — dia

MONSIEUR LE GOUVERNEUR GÉNÉRAL CAYLA

Commandeur de la Légion d'Honneur
izay namorona ny Salon de Madagascar
ary hotsarohana lalandava eo amin' ny
pejy volamenan' ny Tantaran' ny Fam-
pandrosoana ny Arts eto Madagascar.



SARY NATAON ANDRIAMATOA RASOLOMANTRA

min' ny taona 1932 (mbola tao Ambohidahy ihanv indray koa) dia hita nitombo mihitsy na ny isan' nv mpampiseho na nv hasoan' nv natranga.

Mbola tadinay eto, arv inoa nav fa tsv ho hainav hadinoina mihitsy ny hagaganav sv ny hafalianav naha na fitantarana lavalava irav nataonav momba azy tao amin' ny Cahiers du Sud (Marseille) nifandrombahangazety maro hafa hatrany Amerika. Profo iray azo tsapaina izany fa talanjona ny tany rehetra tany nandre fa mitsiry ary tsara firobona aty amin' ny nosy maniry aty ny fitiavana saritana.

Iray tamin' ireo notondroina ho fenantenan' ny aty i Florine Ravololomanga. Iray tamin' ireny koa Robert Rasolomanitra sy Lucien Andriamampianina. Nisy hafa koa, dia ilay Rabemanantsoa avy any Ambositra, izay tsy nandef afa-tsy lokorano iray --- nefy ampy hampiroborobo fanantana.

Ny efa fantatr' olona teto amintsika --- toaan-dRazana --- tamin' ny taona iny, dia tsy teto an-tanana, fa nampiseho tany Paris.

Iray monja no nanao afon' angatra tamin' ireny voatondronay ireny, ka niserana sy nampanjambena fotsinv dia tsy niseho intsonv --- dia ilav any Ambositra. Nv hafa rehetra kosa --- arv ahazo-a-mirehareha nv filazana azy etoana --- dia samv nitranga avokoa indray, arv nitombo famiratana aza ! Nv lazaina amin' izanv, dia i Florine sv Robert arv Lucien.

Nv amin' nv voalohany aloha dia ombanav tanterarako ilav hevit' olona momba azy niseho tao amin' nv gazetv Tribune tato ho ato, nilaza ftena fidera tokoa itv zazavavy ity --- ary vao mainka ho fidera lavitra noho izany raha metv mamitimpitina kokoa nv zavatra asehong amin' ng lokoranony, fa tsy mampihahaka azy foana.

Notamoraing loatra, raha lazaina tsotra, ny fiezahany tamin' ity, han-

raka.

Ireo sy zatovo vitsivitsy namany no tena voninahitra sy bery ary tohan' ny tonon-taona tamin' ito.

Na atao indray mandinika na jrena tsirairay ny asan' ireo, dia hita miharihary fa samy efa nandao ny « fomba trrainy » izy rehtra, ary tsy misy mandany andro « manisa ny ravin' ny hazo na ny voam-pasika » hatao amin' ny sariny intsony.....

Tena zanaky ny androny izy — dia ny androntsika tsy afapon' ny dia miadana na ny hazakazaka am-pilan-jana intsony, fa efa tsy mionona raha tsy entin' ny otomobilina na ny lalamby miriotra mafy.

Dia voavalys tsirairay sady mbola holazaina fohy eto ary ireo fanontaniana arahin' eso re matetika manao hoe : « Izao ve no sary tsara ? » Tsy ambangomban-javatra fotsiny ve itony asehon' itony ?

Asa na inona na inona ary na ahoa-na na ahoa-na no fiheveran' ny maro ny saritana... Angamba ampifangaroiny sady ampifandisoiny izy ny sary fotografi !

Lohateny tsy mitovy anefa izany, ary raha mifampisalovana izy ireo, moa va mbola samy banana hanitra ho azy ny sakamalao sy ny havozo !

Ny iray — ny sary fotografi — ilana fitoviana fotografika, na tareha aman-toetra araka ny marina tsy manam-piovana.

Ny iray kosa — ny sary tanana — tsy ilana afa-tsy fampahatsiarovana fotsiny, ny tarehv aman-toetra araka ny nahitanao azy indray miserany monja. Manampy an' izany, ary mampitombo ny hasoany fatratra, ny fomba fampiseho azy sy ny fampananana azy endrika manaitra.

Mety ho azo lavina an-kitematema-ka izany foto-kevitra izany, raha ny sary tanana vitan' ireo ngezalahy taloha no topaza-maso maika... « Tena mitovy fotografika ireny sary ireny ! » hoy isika. « Angamba, hoy kosa ny famakafakana ; nefy aoka hotsarohana fa tamin' ny andro tsy mbola nisy

fotografy tamin' izany ka tena nilaina ny toy ireny ! Fa jereo kosa hatramin' izay ! »

Ary raha ny tantara marina indray aza no dinihina, dia hita mihibary fa tsy vao *hatramin' izay ihanay* akory ny sary tanana no tena nifanalavitra tamin' ny *marina tsy manampiocan'* ny *sava-boahary*, fa efa hatramin' ny fahagola mihitsy izy no tsy nikendry hitahiry afa-tsy ireny hitany indray miserana monja eo anatre-hany.

Novany aza matetika izany hitany indray miserana izany, ka nomeny aina sy tarehy vaovao rofenjainy hatrany anaty fanahiny ary nidinany hatrao anaty fony : nahazoany zavatra vao vao ho an'ny maso. Toy izany, ohatra, ireo asan' i Le Gréco, mpahay sary nonina tanv Tolède, azo tononua ho raiben' ireo atao hoe « mpanao sarv ankehitrinv ». Tov izany nv an-drv Léonard ... mbamindry Raphaël aza.

Tsv sarin' akondro na amponga-bendanitra mitovy tsy misy ivoasana amin' ireo voankazo ireo no nataony, ary tsy ho nataony hamitaka ny maso mijery azy izany (*trompe-l'oeil*) raha sendra ny borosiny — tsia, fa zavatra mampahatsiay an'ireny no nasehony zavatra misy ny **zavatr'ireny**. (Manan-jara isika Malagasy manana an'io teny maro sy mahery hevitra atao hoe zavatra io !)

Toy izany koa fa raha ohatra ka manao sarim-potokazo mivondrona izv, na ho nandinika an'ireny tsirairay : — izay aina miafina amin'io zavatra io no ho nokarohiny. dia izay no ho nasehony.

Faly tanteraka izahay mahita fa efa mby ao an-tsain' ny tanora malagasy maro mpanao sary izany hevitra marina izany, no sadv efa atombo ny hotanterahina. Arv vao mainka-ko aizahay ravo mahita fa isan' ny amporisihin' ireo olo-mahay voa idy hitsara nv asanv izany « fisokafa-maso » izany, ka avahany sv derainy manokana.

Indreo, asisikav amin'itv, sary teloisan' ny maminav indrindra tamin' nv *3e Salon de Madagascar*. Nv roa amin'izv ireo (Razana : lokosolika ; Rasolomanitra : lokorano) dia novidin' nv Fanjakana arv, raha tsv diso izahav, hapetraka ao Anatirova. Ny irav kosa — lokosolika mampiseho moron-drano tsv hita fara — nataon' Andriamampianina.

Irina indrindra anefa nv hahatonganvan' nv olona rehetra amin' nv fam-pisehona tov itony, hahitany maso izav tsv hain' nv sarv aseho tanteraka.

J.-J. RABEARIVELO

T. S. F. (Tohiny)

an' nv namany tsv hita velively raha vao herin-taona monja.

Misy fanatsarana vaovao vao hita ha-



SARY LOKOSOLIKA

NATAON' ANDRIAMATOA ANDRIAMAMPIANINA



SARY LOKOSOLIKA

NATAON' ANDRIAMATOA RAZANA

